# Lesona 10: Fibebahana sy Famelan-Keloka

## A. Antso ho amin'ny fibebahana

1. Vakio ny Marka 1:14-15, Matio 3:1-2, Asa 2:38 Inona no antso iraisan'izy rehetra ireo?
2. Inona no atao hoe fibebahana?
3. Nahoana i Jesosy no nanome toromarika ny mpianany hitory ny hafatry ny fibebahana sy ny famelan-keloka amin'ny anarany amin'ny firenena rehetra? Romana 3:23, 2 Petera 3:9
4. Oviana no nahatsapanao voalohany fa mpanota ianao ka mila mibebaka amin'ny fahotanao?
5. Misy olona mibebaka noho ny tahotra. Inona no azontsika ianarana avy amin'ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Apostoly Paoly tamin'ny Kristiana tany Roma? Romana 2:4
6. Iza no mampiaiky antsika fa mila mibebaka amin'ny fahotantsika isika? Jaona 16:7-8
7. Moa ve ny fibebahana dia fisehoan-javatra indray mandeha sa mila mibebaka mihoatra ny indray mandeha eo amin'ny fiainantsika isika? 1 Jaona 2:1
8. Inona no maha samy hafa ny fibebahana marina sy ny nenina noho ny vokatry ny fahotantsika? Matio 3:8, Ohabolana 4:14-15, sns.
9. Aiza no ahitanao ny tena fibebahana aseho ao amin'ny vavak'i Davida rehefa avy nijangajanga tamin'i Batseba izy? Salamo 51:1-11
10. Inona no ianarantsika momba ny fibebahana marina ao amin'ny fanoharana nataon'i Jesosy momba an'ilay Fariseo sy ny mpamory hetra? Lioka 18:9-14
11. Ahoana no fitomboan'ny fahatakaranao ny fibebahana rehefa nitombo ny fifandraisanao tamin'Andriamanitra? (fahotana niniana na tsy nahy)
12. 1Inona no ifandraisan'ny fibebahana sy ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsika? Asa 20:21

## B. Ny fanomezam-pasoavan'ny famelan-keloka

1. Inona no fitahiana avy amin'Andriamanitra rehefa mibebaka marina sy miaiky ny fahotantsika isika? Asa 2:38, 3:18-19, 1 Jaona 1:9, sns.
2. Inona no fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo fitahiana niainanao rehefa nibebaka sy niaiky ny fahotanao ianao?
3. Ahoana no havalinao ny olona iray izay miteny hoe: "Menatra loatra aho ka tsy mendrika ny hangataka famelan-keloka"?
4. Ao amin'ny Apokalypsy 7:13-14 no ahitantsika ny sarin'ireo voavotra mitafy akanjo fotsy. Ahoana no niainan'izy ireo izany fanadiovana tanteraka izany? (Jereo koa ny Matio 22:1-14).
5. Inona no teny fikasana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra mampahatsiahy antsika fa mamindra fo amin'izay rehetra mitalaho Aminy mba hahazo famelan-keloka sy fanadiovana Izy? Salamo 103:8, Jaona 6:37, sns.